APDRA
PISCICULTURE PAYSANNE

n° 69

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara | Mivoaka isaky ny telo volana | Martsa 2026

## FAMPIOFANANA MPIOMPY TRONDRO, FOTOTRY NY FANDROSOAN'NY ASANY




RÉGION Nouvelle-Aquitaine
France AFD AGENCE FRANÇAISE DE DÉVELOPPEMENT
MIFANOHANA HO AMIN'NY HO AVY TSARA KOKOA
coopération allemande DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT
Mis en œuvre par giz
RÉGION NORMANDIE

## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Faly manolotra anareo ny laharana voalohany amin'ity taona 2026 ity ny ekipan'ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro ». Miompana amin'ny fiantraikan'ny fiofanana omen'ny tetikasa ny mpamokatra izany satria miharihary fa : ny fiofanana no fitaovana mahomby indrindra hampandrosoana maharitra ny fiompiana trondro, ary ny asa fambolena sy fiompiana amin'ny ankapobeny.

Mbola manjaka ny fiheverana fa sarotra ho an'ny tantsaha ny hivoatra raha tsy mahazo fanampiana mivantana amin'ny famokarana ataony. Eny, voakiana matetika ny APDRA fa « tsy dia manome fanampiana ». Eny, voakianan' ny mpamatsy vola sy ny andrim-panjakana sasany aza. Tsy mariky ny tsy fahafenoana ho anay ny tsy fanomezana fanampiana mivantana toy ny vola, fitaovana fa safidy voadinika hialàna amin'ny hoe ny asa rehetra atao dia miankina amin'ny fanomezana. Araka izany, ny manofana dia manome fahafahana hivoatra. Ny fiofanana, na ara-teknika, na arak'asa na avy amin'ny fifanakalozana eo amin'ny samy tantsaha, dia ahazoan'ny mpamokatra fahaiza-manao izay mijanona ho azy, miampita sy miantoka ny fitohizan'ny asany aorian'ny fahataperan'ny tetikasa. Na izany aza anefa dia tsy « manohitra » ny fanomezana fanampiana izahay. Tokony hifanaraka amin'ny tena filàna anefa izany : fanohanana fotodrafitrasa goavana toy ny barazy, na hahamora ny fahazoana hana-pamokarana tsy mbola misy amin'ny toerana sasany. Ankatoavinay tanteraka ny fanomezana izay manainga ny famokarana fa raha fiankinan-doha no aterany dia mirona amin' ny fizarana fahalalàna izahay.

Manome sehatra ireo olona voakasik'izany voalohany ity laharana ity : ireo tantsaha nahazo fiofanana. Inona no fiofanana nanova ny fomba famokarany ? Ahoana no fahitàny ny vokatra azony ? Ahoana no hanatsaran'ny roa tonta ny fomba fiasa ? Porofo mivaingana maro no hita ao anatin'ny fampiofanana sy ny fanjohiana miaraka izay tarihin'ny ACP, ny jery todiky ny taom-pamokarana sy ny fitsidihana fifanakalozana : mety ho ampy hirosoan'ny tantsaha iray amin'ny fiompiana trondro, hampiakatra ny vokatra na hamaha ny tena sakana ara-teknika ny fiofanana iray tontosa tsara.

Amin'ny alàlan'ireo fijoroana vavolombelona zarainay ireo dia tianay ny hanetsika ireo mpamokatra, hampitsiry hevitra ao amin'ireo izay mbola misalasala sy hampatsiahy ny mpamatsy vola fa ny fanamafisana ny fahaleovan-tena no famatsiana tsara indrindra. Matoa mahomby ny asa iray dia nisy hatrany ny fiofanana nanova zavatra.

Mamakia finaritra !

**Ny ekipan'ny FMT**

## LOHAHEVITRA : Fampiofanana mpiompy trondro, fototry ny fandrosoan'ny asany

### Amoron'i Mania sy Vakinankaratra

# Faritra roa, tantsaha mpitarika roa, iray làlana hampandrosoana ny fiompiana trondro

*Ny asa ataon-dRanary ao Ambatomarina (Amoron'i Mania) sy Dadabary ao Mandritsara (Vakinankaratra) dia mampatsiahy antsika fa ny fiofanana sy ny torohevitra ara-teknika ifampizarana ifotony no fototry ny fiompiana trondro mahaleo tena sy maharitra.*

Ao Ambatomarina no misy an-dRanary, mpamokatra zana-trondro sady mpanatavy matihanina no filohan'ny vondrona kaominaly. Resy lahatra izy fa « *ny fiofanana no filàna fototra* ». Tsy ny tsy fisian'ny fahavononana, hoy izy, no tena sakana amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro fa ny tsy fahampian'ny fahalalàna ara-teknika. Nilofo hampita ny fahalalàny tamin'ny mpamokatra hafa izy rehefa avy nisitraka fiofanana tamin'ny APDRA. Mikarakara fotoana izarana traikefa momba ny famahanana trondro, ny teknika fanatavizana sy ny fitantanana ny fahavalon'ny trondro izy. « *Manana toerana maro azo iompiana ny kaominina saingy rehefa tsy misy teknika dia betsaka no tsy sahy mirotsaka.* », hoy izy.

Ao Mandritsara, mbola manamafy izany i Dadabary, mpamokatra zana-trondro malaza. Tia miompy trondro hatramin'ny fahakeliny, ela no nampiharany izany fa tsy nanaraka teknika. Fiovana lehibe ny nentin'ny APDRA tamin'ny 2009. Nahafahany nanatsara ny fomba fiompiany ny fiofanana azony mikasika ny famokarana zana-trondro sy ny fiompiana trondro. Nanomboka teo no namatsiany zana-trondro ny mpiompy maro sy nanarahany azy ireo hatrany tamin'ny fanomezana torohevitra ara-teknika. Tsy ivarotany trondro aza ireo izay tsy vonona hanaraka izany. « *Ny mamokatra tsy misy teknika dia mitovy amin'ny mandeha kanefa mitapi-maso. Manimba ny seha-pihariana iray manontolo ny tsy fahombiazan'ny mpiompy trondro iray.* » Asehon'ny traikefan-dRanary sy Dadabary fa tsy olon-tokana ihany no mahazo tombontsoa amin'ny fiofanana fa ny fiarahamonina iray manontolo. Mahazo vokatra tena tsara







*Ranary (ankavia) sy Dadabary (misatroka eo ankavanana)*

## LOHAHEVITRA : Fampiofanana mpiompy trondro, fototry ny fandrosoan'ny asany

ny mpiompy trondro voaofana, manamafy ny fiaraha-miasa ifotony ary manetsiketsika ny seha-pihariana. Rehefa mahomby ny mpamokatra dia mampitombo ny fampiasam-bolany, mifanakalo traikefa ary misarika mpiompy vaovao.

Maneho ny vinan'ny APDRA ireo fijoroana vavolombelona ireo : fampandrosoana mifototra amin'ny torohevitra ara-teknika, ny fahaleovan-tena sy ny fifampizarana fahalalàna.

### Analamanga

# Manova endrika ny fiompiana trondro ifotony ny fifampiofanan'ny tantsaha

*Mampita araka izay azo atao ny fahalalàna azony ny mpiompy trondro ao Anjozorobe izay tohanan'ny tetikasa APDRA-DINAAMICC hatramin'ny 2023 ka mampisy fientanana maharitra vokatry ny fampiofanana eo amin'ny samy tantsaha.*

Ny taom-pamokarana voalohany dia efa niasa ny mpamokatra zana-trondro 13 nofanina. Tojo olana anefa izy ireo rehefa nivarotra ny zana-trondrony voalohany. Nanolotra vahaolana àry izy ireo : izy ireo ihany no mampiofana ny mpanatavy eo an-toerana mba hivarotany ny zana-trondrony. Lasa mpampita fiofanana sy mpanapariaka ny fampiharana izy ireo. Nampitombo isa ny mpiompy trondro sy ny vondrona eo anivon'ny fokontany izany, mialohan'ny hijoroan'ny rafitra kaominaly.




*Asehon-dRakoto ny mpiompy namany ny fomba fijerena ny fatran'ny sakafo misy ao anatin'ny rano*

Milaza ny fahombiazan'ny paikady ny mpamokatra zana-trondro : « *Ny 80 isan-jaton'ny fahombiazan'ny fiompiana trondro dia avy amin'ny fampiofanan'ny APDRA.* », hoy Rakoto, ao amin'ny fokontany Miandrarivo. Manamafy ny fiantraikan'ny fanohanana i Donné ao Ambohibeloma : « *1 000 ny zana-trondro voalohany azonay ary mahatratra 10 000 isan-dreniny izany ankehitriny. Ankoatra ny fahalalàna dia tonga manofana anay ety ifotony ny mpanentana* ». Noho io fampiofananan'ny APDRA io dia afaka nampiofana mpanatavy maro ny mpamokatra zana-trondro. Ho an-dRavaly, « *Efa ho ny 90 isan-jaton'ny mponina eto amin'ny fokontaninay no miompy trondro ankehitriny.* », raha milaza ny fivoaran'ny fari-piainana, ny firaisankina ary ny fidiran'ny tanora sy ny vehivavy an-tsehatra amin'ny asa iombonana i Rivo sy Ramatoa Manana. « *Sahirana izahay kanefa nampivoatra ny famokaranay ny fiompiana trondro ary nanamafy ny firaisankina.* » hoy i Rivo. « *Nanangana fikambanana tanora izahay ka niara-nividy ray aman-drenin-trondro. Zarain'ny mpikambana ny vokatra ary namatsiana ny kitapom-bola iraisana ny varotra. Nampifanatona ny mpiara-monina ny fiompiana trondro.* » hoy i Manana nanampy.

Asehon'ny traikefa tao Anjozorobe fa ny fahaiza-manao ifotony, ny fampitana fahalalàna sy ny fiaraha-mandamina no miantoka ny faharetan'ny fiompiana trondro, mihoatra ny an'ny tetikasa.

### Matsiatra Ambony

# Rehefa ny tantsaha no lasa mpamorona

*Hatramin'ny 2012, tsy mionona amin'ny fampiharana ny teknika noraisina ny mpiompy trondro ao Ambalabetsila, soloan-dRazafimahatratra Gilbert tena, antsoina hoe « Ravelo ». Ampifanarahany amin'ny zava-misy izany, atsarainy ary zarainy amin'ny mpanentana ny zava-baovao hitany ka miteraka fifampianarana ahazoan'ny seham-pihariana iray manontolo tombony.*

**FMT : Inona no nanosika anareo handalina ny fiofanana nomen'ny APDRA ?**

**Ravelo :** Tsapanay ny tombontsoan'ny fiompiana trondro ka tianay ny hihoatra ny fiofanana noraisina hoentina manatsara ny famokarana sy hamaliana ny filàn'ny mpanatavy.

**FMT : Inona no fanatsarana noentinareo ?**

**Ravelo :** Nahemotray aloha ny fampanatodizana tamin'ny alàlan'ny fitahirizana ray aman-drenin-trondro tao anaty dobo lalina sy maloka handrindrana tsara ny fampanatodizana. Ho an'ny famokarana zana-trondro, nampiasa tavoahangy plastika misy sarony izahay hitantanana ny fandehan'ny rano sy hifehezana ny fahavalon'ny trondro, ary ny fiasana tany ny dobo dia nosoloanay fitaovana fizoran-drano izay ahazoana maka ny olitra ihany koa. Mamokatra bibikely faran'izay madinika (*zooplanctons*) amina dobokely ao an-tanimbary izahay amin'ny alàlan'ny fanamasahana miainga amin'ny bozaka sy ny zezika. Ny rano feno bibikely madinika avy amin'io dobo io no tarihana hamahanana ny zana-trondro. Ankoatra izay, mametraka hoditr'omby ao amin'ny dobo fitahirizana ihany koa mba hivadika sakafo tsikelikely ho an'ny zana-trondro hampihena ny fandaniana.

## LOHAHEVITRA : Fampiofanana mpiompy trondro, fototry ny fandrosoan'ny asany

**FMT : Inona no tombontsoa azonareo tamin'ireo fanatsarana ireo ary inona no hafatra tianao hampitaina ?**

**Ravelo :** Afaka mamatsy zana-trondro betsaka ny mpanatavy sy amin'ny fotoana ilaina izany izahay. Mahatratra hatramin'ny zana-trondro 20 000 isaky ny renin-trondro amin'izao ny vokatra, sady tsara kalitao no mora vidy. Ireo ezaka ataonay ety ifotony ireo no hahatonga anay ho mpisehatra eo amin'ny fikarohana zava-baovao sy fizarana traikefa amin'ny APDRA, manamafy ny seha-pihariana.

Miankina amin'ny toe-tsain'ny mpamokatra aloha ny faharetan'ny fiompiana trondro. Tokony hitady vahaolana hatrany isika manoloana ny fahasahiranana sedraina ary tsy mionona amin'ny fampiharana ny teknika omen'ny teknisianina.



*Mpiompy trondro ao Ambalabetsila*

### Vakinankaratra

# Manofana sy mampiray ny mpiompy hiadiana amin'ny halatra trondro

*Nahazo ainga vao ny fiompiana trondro ao Imerokomasina, kaominina Inanantonana, distrikan'i Betafo, vokatry ny asa nataon'i Emile Rakotonarivo, mpiompy trondro nofanin'ny APDRA hatramin'ny 2014.*

Tamin'ny janoary 2025, taorian'ny fitsidihana fifanakalozana mikasika ny ady amin'ny halatra trondro tany amin'ny faritra Amoron'i Mania, resy lahatra i Emile fa iray amin'ny vahaolan'ny halatra trondro ny fiakaran'ny isa sy ny firaisankinan'ny mpiompy trondro. Navoriny anaty vondrona iray àry ny mpiompy trondro teo amin'ny kaominina nisy azy, ka ny fizarana traikefa sy ny firaisankina no fototra hanamafisana ny seha-pihariana sy hamerana ny fatiantoka ateraky ny halatra.



*Émile eo afovoan'ny tanimbariny*

Nijoro ny vondrona ary nikarakara fiofanana nanomezana fahalalàna sy nanaovana fampiharana mikasika ny fanatavizana karpa an-tanimbary i Emile, tsy ho an'ny mpikambana fotsiny fa ho an'ny paroasy sasany teo an-toerana ihany koa. Nametraka kaomity ahitana olona vitsivitsy miantoka ny fanohanana ireo mpivavaka araka izany ny fiangonana tsirairay. Hoitarina amin'ny fanamboarana kaompositra, ny fanajariana tanety, ny voly rakotra sy ny fambolen-kazo ny fiofanana. Nitombo avo telo heny rahateo ny isan'ny mpamokatra zana-trondro tao amin'ny kaominina raha avo efatra heny ny an'ny mpanatavy trondro. Manampy amin'ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina, manamafy ny firaisankina ary mampihena tsikelikely ny halatra trondro ny fiompiana trondro.

Manoloana ny fitombon'ny fangatahana tohana ara-teknika, amafisin'i Emile ny lanjan'ny fampitana fahalalàna sy ny fiaraha-miasa. Nasehon'ny asa nataony fa ny fahombiazan'ny fiompiana trondro maharitra dia mifototra amin'ny fahaiza-manao teknika sy ny fandaminana ary ny fiaraha-mientan'ny mponina, ka mahatonga an'Imerokomasina ho ohatra mahomby eny ifotony.

### Itasy

# Manome lanja ny fizarana traikefa hampahomby bebe kokoa

*Amin'ny alàlan'ny fizarana traikefa sy ny fifampianarana, manatsara ny fomba fiompiany sy mampitombo ny vokatra zana-trondrony ny fikambanana « Fitiavana Fivoarana » ao amin'ny fokontany Ambalalava, kaominina Miarinarivo 2.*

Mpamokatra zana-trondro fito no nanorina ny fikambanana tamin'ny 2021 raha 21 izy ireo ankehitriny, mpamokatra zana-trondro ny ankamaroany. Anisan'ny tena tanjony ny fiaraha-mamarotra zana-trondro, hatrany ivelan'ny kaominina, hampiakarana ny lanjan'ny famokarana.

Mifototra amin'ny fifamenoan'ny mpikambana ny herin'ny Fitiavana Fivoarana. Ireo zoky manana traikefa, izay ahitana an'i Pasitera Dezy, filohan'ny fikambanana, dia mizara amin'ny mpikambana hafa ny fahaiza-manao ara-teknikany sy ny traikefany. Ny tanora kosa miantoka ny fivarotana ny zana-trondron'izy ireo sy ny an'ireo zoky eny amin'ny tsena, indrindra ivelan'ny faritra. Mahatsara ny fivezivezen'ny fahalalàna sy manamafy ny fahaiza-manaon'ny vondrona io fandaminana io.

Ny fanamasahana ny dobo, ny fitantanana ny fotoam-pamokarana sy ny fanatsarana ny fahavokarana no tena iompanan'ny fifanakalozana ara-teknika. Fivoriam-be roa

LOHAHEVITRA : Fampiofanana mpiompy trondro, fototry ny fandrosoan'ny asany

no karakaraina isan-taona, izay manome sehatra ara-dalàna ny fizarana traikefa sy ny famantarana ireo filàna fanamafisana ara-teknika.

Ankoatra ny fiompiana trondro, manao fanajariana tanety ihany koa ny fikambanana, hany ka mandray anjara amin'ny fiarovana ny sahan-driaka mamelona ny fari-pamokarana. Noho io fiaraha-mientana io dia hitan'ny Fitiavana Fivoarana fa tena nihatsara ny fahaiza-manaon'ny mpikambana ao aminy ary nitombo miandalana ny vokatra zana-trondro, ka mampaharitra ny seha-pihariana trondro eny ifotony.



*Mpiompy trondro ao anatin'ny fikambanana Fitiavana Fivoarana*

### Atsimo Atsinanana

## Vehivavy mpitarika voaofana sy manapariaka ny fiompiana trondro

*Ao Ambohitrabo, kaominina ambanivohitra Amporoforo, distrikan'i Farafangana, faritra vao manomboka ny fiompiana trondro, nanjary ohatra tsara i Rapetera Norosoa Anastasie, mpiompy trondro sady filoha lefitry ny kaoperativan'ny mpamokatra hanitra fampiasa amin'ny sakafo, amin'ny fanapariahana ny fampiharana nianarana mikasika ny fanajariana dobo barazy sy ny fanetsiketsehana ny fiarahamonina.*

**FMT : Ahoana ny nahalalanao ny fiompiana trondro ?**

**Rapetera Norosoa Anastasie :** Tamin'ny martsa 2025, tonga nanentana sy nampiofana momba ny fiompiana trondro taty aminay ny ekipan'ny APDRA, asa mbola vaovao eto amin'ny faritra misy anay. Liana avy hatrany aho satria nanana tany nifanaraka tamin'ny fametrahana dobo barazy. Nitaky fandaniana fototra (karaman'ny mpiasa sy simenitra) ny fanamboarana ny dobo baraziko kanefa fotodrafitrasa maharitra sy mifanaraka tsara amin'ny toe-taninay izany. Tsapako fa mety ahazoana tombony io endrim-piompiana io ary azon'ny mpikambana hafa ao amin'ny kaoperativa atao.

**FMT : Ahoana ny fomba nanapariahanao ny teknika ?**

**Rapetera Norosoa Anastasie :** Ny toeram-piompiako, akaiky tanàna, no natao toeram-pampiharana. Nampiofana ireo mpikambana liana tamin'ny teknika fanajariana dobo barazy, niaraka tamin'ny fanohanan'ny mpanentan'ny APDRA izahay, ka natao anaty efitrano sy teny ifotony.
Nanamafy ny fahalalako ihany koa ny fitsidihana fifanakalozana nataoko tany amin'ny faritra Atsinanana izay ahitana fiompiana trondro mivoatra kokoa. Tany no nianarako nanavaka ny fampiharana tsara sy ratsy, nahita karazana fomba fanajariana sy fifanakalozana tamin'ireo vehivavy mpiompy trondro ampy traikefa.

**FMT : Inona no andraikitrao ao amin'ny kaoperativa ?**

**Rapetera Norosoa Anastasie :** Iarahako amin'ny vehivavy mpanentana eto amin'ny faritra ny manampy ny mpikambana amin'ny fisafidianana ny toeram-piompiana, ny fampiasana ny fitaovam-pandrefesana tany sy ny fanaraha-maso ny asa fanajariana. Tanjoko ny hizara fahalalàna hivoaran'ny fiompiana trondro eo amin'ny fiarahamonina, indrindra ho tombontsoan'ny vehivavy.



*Rapetera Norosoa Anastasie, vehivavy mpiompy trondro mpitarika ao Amporoforo*

### Itasy

## Fampiofanana ampitain-davitra amin'ny alàlan'ny onjampeo

*Ao amin'ny distrikan'Arivonimamo, nisafidy ny hiara-hiasa amin'ny radio iray ao an-toerana ny tetikasa AMPIANA 3 hahazoana mamaly ireo filàna tohana ara-teknika maro, izay mihoatra lavitry ny faritra sahanin'ny mpanentana eny ifotony.*

Nanomboka tamin'ny fanentanana amin'ny fiompiana trondro sy ny teknika fiompiana trondro an-tanimbary ny fiaraha-miasa tamin'ny radio Fivoarana ka ny fanatavizana sy ny famokarana zana-trondro no tena noresahina. Olona maro no nandre ny fandaharana sy ny tantara nenti-nampianatra, hatramin'ireo tantsaha monina any amin'ny faritra tsy misy tetikasa mpanohana sy ivelan'ny faritra iasan'ny APDRA. Ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra moa no tena

## LOHAHEVITRA : Fampiofanana mpiompy trondro, fototry ny fandrosoan'ny asany

ifantohan'ny radio Fivoarana ary noho ny fangatahan'ny mpihaino dia nidirany tsikelikely ny seha-pihariana trondro tamin'ny alàlan'ny fizarana sy fivarotana zana-trondro miaraka, iaraha-miasa amin'ny mpamokatra zana-trondro tohanan'ny APDRA, indrindra mandritra ny foara izay nokarakarainy.



*Fandraisam-peo ny fandaharana iray mikasika ny teknika fiompiana trondro an-tanimbary*

Vokatr'izany dia nitombo 50 % ny isan'ny mpividy zana-trondro teo amin'ny tsena teo an-toerana, araka ny filazan'ny tompon'andraikitry ny radio. Ankoatra izay, nitombo hatrany ny fangatahana fiofanana, torohevitra teknika sy fitsidihina fifanakalozana voarain'ny biraon'ny radio Fivoarana sy ny tetikasa, avy amin'ny faritra iasan'ny tetikasa sy tany amin'ny toerana lavitra kokoa. Manoloana io fientanana io sy hamaliana ireo filàna mihamitombo ireo dia naniry ny hanamafisana ny fiaraha-miasa ny radio ka namaritra fotoana raikitra ho fandefasana ny fandaharana ary nikarakara fiofanana niaraka tamin'ny ekipan'ny tetikasa, mandritra ny fotoam-pizarana ireo zana-trondro afaran'ny tantsaha mialoha.

Etsy ankilany, miezaka manatsara sy mampitombo ny vontoatin'ny fandaharana alefa ny APDRA. Asehon'ity fiaraha-miasa ity fa fitaovana mahomby ny radio eny ifotony amin'ny fanapariahana ny fiompiana trondro amin'ny alàlan'ny fampitana hafatra teknika amin'ny olona betsaka kokoa.

### Analamanga

# Lasa tombontsoa ara-toekarena mivaingana ny fiofanana sy ny tohana ara-teknika

*Misongadina ao Mahitsy sy Sambaina ankehitriny ny vokatry ny fampiofanana ara-teknika sy ny fitsidihana fifanakalozana nataon'ny tetikasa AMPIANA. Ijoroan'ny tantsaha sasany vavolombelona ny fiantraikan'ny fanatsarana ny fomba fiompiana trondro mivantana teo amin'ny fidiram-bola sy ny fari-piainan'ny tokantrano.*

Efa ela Randriamisaina Tsarafara antsoina hoe « Saina » ao Sambaina-Ambohitromby no niompy trondro tamin'ny fomba nentim-paharazana. Tapa-kevitra ny hanaraka fiofanana ara-teknika izy tamin'ny 2023 hanatsarana ny vokatra. Na dia voafetra aza ny enti-manana dia niezaka nampihatra ny fahalalàna azony niaraka tamin'ny fianakaviany izy ka tena hitany ny fivoaran'ny vokatra. Vokatry ny fiofanana sy ny fitsidihana fifanakalozana natrehiny, nohatsarain'i Saina ny fitantanany ny asa famokarany ka nahafahany nampitombo ny fidiram-bolany. Ankehitriny izy dia lasa mpamokatra zana-trondro manana traikefa sy mahaleo tena. Nahafahany nividy zavatra maharitra toy ny moto sy ombin-tsarety ny tombony azony tamin'ny taom-pamokarana 2023-2024 sy 2024-2025. « *Rehefa arahina tsara ny fiofanana sy ny torohevitra ara-teknika dia ahazoana tombony sy afaka manatsara maharitra ny fiainam-pianakaviana ny fiompiana trondro.* », hoy izy.

Ao Mahitsy, misongadina ihany koa ny asan'i Hajanirina Sitrakiniaina Antonio, antsoina hoe « Sitraka ». Nahafahany nampivoatra ny traikefany ny fampiharany ny fiofanana narahiny. Nanatsara ny fifandaminana teo anivon'ny fianakaviana, ny fiaraha-miasan'ny mpivady ary indrindra ny fidiram-bolan'ny tokantrano izany. Tamin'ny 2022, ny vola azony tamin'ny fiompiana trondro no niantohany ny mariaziny. Ny taona 2024, nahazoany biriky 20 000 ny vidin'ny zana-trondrony, ary tamin'ny 2025 no nananganany ny tranony izay eo an-dàlam-pamitàna.

Lasa tanora mpitarika momba ny fiompiana trondro eo anivon'ny AMADEA ihany koa izy noho ny fampiharana ataony.

Asehon'ireo ohatra ireo fa rehefa voaaraka sy ampiharina tsara ny fiompiana trondro dia manjary ainga ara-toekarena lehibe ho an'ny fianakaviana tantsaha.





*Saina mianakavy (ankavia), Sitraka sy ny vadiny (ankavanana)*

## LOHAHEVITRA : Fampiofanana mpiompy trondro, fototry ny fandrosoan'ny asany

### Atsinanana

# Manofana mpampiofana mba hanapariahana ny fiompiana trondro

*Miantoka ny fanapariahana maharitra ny teknika fiompiana trondro eo amin'ny tantsaha tanora ny APDRA amin'ny alàlan'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpampiofana ao amin'ny Ivotoerana Fampiofanana Tantsaha Modely na IFTM ao Niarovana Caroline, Vatomandry.*

Milofo amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpampiofana ny Ivotoerana IFTM ao Niarovana Caroline hiantohana ny fipariahan'ny fiompiana trondro. Hatramin'ny 2023, vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ny APDRA, nofanina manokana mikasika ny fanajariana dobo barazy sy tanimbary fiompiana trondro ny mpampiofan'ny ivotoerana. Ny hahafahan'izy ireo mampianatra ny tanora ao amin'ny ivotoerana ny dingana ara-teknika rehetra takian'ny fametrahana sy ny fitantanana toeram-piompiana no kendrana amin'io fanofanana mpampiofana io. Anisan'ny fahaiza-manao azo ny asa famantarana ny toerana azo iompiana, ny fitsirihana mialoha eny ifotony, ny fametrahana tsatoka (na *piquet*), ny faminavinana ny asa sy ny fitaovana ilaina, ary ny fanamboarana dobo : fanadiovana, fametrahana fitaovam-pandritana sy fanamboarana fefiloha. Ireo dingana ireo no ahazoana manofana ny tanora amin'ny asa rehetra ilaina amin'ny fanajariana toeram-piompiana sy ny famokarana zana-trondro.




*Fisafidianana ray aman-drenin-trondro sy fanavahana karpa nataon'ny tanora miofana ao amin'ny Ivotoerana IFTM*

Efa nanamboatra dobo barazy roa natokana hanaovan'ny mpianatra fampiharana ny ivotoerana IFTM. Tanora avy amin'ny faritra maro (Fénérive Est, Ambilobe, Mahanoro, Mahajanga) araka izany no afaka nisitraka fiofanana ara-teknika sy nahazo traikefa azo tsapain-tanana tamin'ny fiompiana trondro. Amin'ny fifaranan'ny fiofanana, ireo tanora ireo indray no lasa mpampita afaka mampiofana mpianatra hafa na mampandroso ny fiompiana trondro any amin'izy ireo. Ny famokarana zana-trondro tilapia sy karpa, ny fanavahana trondro ary ny teknika fanatavizana vangolaopaka no tena ianaran'izy ireo.

Manamafy ny fahaiza-manao eny ifotony io fomba fiasa io sady mamporisika ihany koa ny asa fanapariahana izay miantoka ny fivoaran'ny fiompiana trondro any ivelan'ny ivotoerana, amin'ny alàlan'ireo mpampiofana sy tanora efa tena miompy trondro any amin'ny toerana onenany.

## TARATASIN'NY MPAMAKY

### Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 68

*« Raha misy ny firaisankinan'ny olona mpiray lohasaha dia tena mety ny hevitra fanamboarana dobo hitazonana rano itambarana »* Andriamanjato Richard (Korosovola-Antohobe, Betafo, Vakinankaratra)

*« Ny tena nahaliana tao amin'ny gazety Ny Feon'ny Mpiompy trondro dia ny fiaraha-miasan'ny mpiompy trondro tamin'ny fanajariana tanety sy ny fanaovana asa iombonana tao Korosovola. Teo ihany koa ny tononkalo nataon'i Olga izay tena nampientana. »* Rakotoarisoa Jean Roger Pascal (Mazoto-Vinany, Mandoto, Vakinankaratra)

*« Ahazoana voka-tsoa betsaka ny fiaraha-miasan'ny mpiompy trondro rehefa misy firaisan-kevitra sy tanjona iombonana. Nahaliana ihany koa ny masikita trondro. » Rafanomezantsoa Rivo (Mazoto-Vinany, Mandoto, Vakinankaratra)*

*« Ilaina ny mivondrona handehanana lavitra kokoa, indrindra eo amin'ny famokarana zana-trondro. Tokony hiara-hiasa ny mpikambana ato amin'ny vondrona misy anay amin'ny fividianana renin-trondro. »* Randriamifidimanana Joué Rigobert (Amboditandroho-Antanambao Mahatsara, Vatomandry, Atsinanana)

*« Tena mahaliana ahy ny fiovana lohahevitra isaky ny gazety. Amin'ny maha-vehivavy, rehefa mamaky dia ny lohateny aloha no mahaliana ahy, mijery ny pejy farany avy eo hahitana ny fomba fahandro trondro. Tena tia manao lakozia aho ka mahafaly ahy ny manolotra anareo ao amin'ny gazety manaraka ny iray amin'ireo nahandro noforoniko. »* Rapetera Norosoa Anastasie, (Ambohitrabo-Amporoforo, Farafangana, Atsimo Atsinanana)

**Valin-tenin'ny APDRA :** Isaoranay mialoha ianao amin'ny fizarana nahandro, mampanantena ny hizara izany izahay amin'ny laharana manaraka ary mamporisika ny mpamaky rehetra hanao toy izany ka hampita ireo nahandro miavaka amin'ny mpanentana izay mandefa azy aty amin'ny gazety.

*« Ny fahaleovan-tena arak'asa no iompanan'ny lahatsoratra ao amin'ny laharana faha-68. Io resaka rafitra io no ahafahan'ny vondrona misy anay mifandamina malalaka sy miala amin'ireo sakana tsy mampandroso ny fiompiana trondro. Isaoranay anareo izany ! »* Samson Georges (Anivorano-Maheriraty, Farafangana, Atsimo Atsinanana)


*« 3 na 4 izy ireo tany am-piaingana ary efa an-jatony ankehitriny no resy lahatra amin'ny fiompiana trondro. Nahaliana tanteraka ny fividianan'ny vondrona renin-trondro. Mahomby io fomba io hiaraha-miasa amin'ireo tantsaha vao manomboka miditra amin'ny fiompiana trondro. »* Randriamiarintsoa Mampionona Charles (Tsinjoarivo-Ambohimandry, Arivonimamo, Itasy)

*« Mahavariana ny fahafoizan-tenan'ny olona nanatanteraka asa tamin'ny alàlan'izay nananany. Nanamarika ahy ihany koa ny sary tany amin'ny farany izay ahitana olona mifampiresaka mba hiaraha-miasa. Ankoatra izay, tsara raha miresaka fambolen-kazo toy ny kininina, ny manga, ny gazety. Ahazoan'ny olona kitay, sakafo sy fidiram-bola izany. »* Voahangy Alice Jeanine (Ambohitrambo, Arivonimamo, Itasy)

**Valin-tenin'ny APDRA :** Hifampiresaka aminareo ny mpanentana any amin'ny faritra misy anareo.


*« Nanaitra ny hamboponay sy namporisika anay hanentana indray ny mpikambana ao aminay hanatsara ny fitantanana rano ny lahatsoratra mikasika ny fitantanana rano sy fanarenana barazy tao Ampanotokana tao amin'ny FMT n° 68 satria resy lahatra izahay fa mety aty aminay izany fomba izany. »* Noely, solon-tenan'ny vondrona mpiompy trondro sy mpampiasa rano (Amboniriana-Mandiavato, Miarinarivo, Itasy)

# SAMIHAFA




## RARINTENY

Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara.
Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.




1. Dingana fampianarana sy fampitana fahalalana na fahaiza-manao hanatsarana ny fahaizan'ny olona iray
2. Mandalo avy amin'ny lafiny iray mankany amin'ny lafiny ilany
3. Manondro zavatra iray ilaina, tsy maintsy ananana mba hahafahana miaina, miasa
4. Midika hoe miorina amin'ny fototra, miainga amin'ny tena fotony, na eo an-toerana mihitsy
5. Fahazoana na fahatakarana zava-misy na hevitra iray amin'ny alàlan'ny fianarana na traikefa
6. Zavatra na tolotra ateraky ny asa, ny ezaka, na ny fizotran-javatra iray
7. Fanohanana ara-materialy, ara-bola, na ara-moraly omena ny olona na hetsika iray

***Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 68***

1. Tetikasa
2. Hetra
3. Fanajariana
4. Olana
5. Foara
6. Fanentanana
7. Tsipaipaika

## FURIKAKE

**Fangaro :**

*Trondro madinika na nofon-trondro na pirina*
*Menaka*
*Sira*

**Fikarakarana**

1. Tetehina madinika ny trondro kely na nofon-trondro
2. Asiana sira mialohan'ny hanendasana azy anaty menaka mafana
3. Haroina matetika
4. Esorina eo amin'ny afo rehefa ritra tanteraka ny rano
5. Avela hangatsiaka vao tahirizina anaty *bocal*
6. Hanina tsikelikely mitokana na afangaro legioma, voamaina, lasopy

Mazotoa homana ô !










*Azo tahirizina maharitra ny furikake*

APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

*Talen'ny Famoahana*
Philippe Martel
*Tonian'ny Fanoratana*
Sidonie Rasoarimalala
*Mpanoratra*
Herisoa C. Andrianantenaina
Manda Anjaratiana
Noëlson Randriamialisoa
Aina Rabalijaona
Fitahiantsoa Rakotonirina
Mariette Rasoanantenaina
Victoriste J. B. Rasolofoniaina
Rosalie Razafimatoa
Donatien Razafindratsiry
Iarison Sahobiniaina Herizo
Arnaud Samy